



*« Ankamasino amin’ny fahamarinana izy ireo. Ny teninao no fahamarinana » (Jo. 17: 17)*

Ry Kristianina havana, tamin’ny Alakamisy lasa teo isika no nankalaza ny niakaran’ny Tompo any andanitra. Naniraka antsika Izy hitory ny Vaovao Mahafaly eo anivon’izao tontolo izao na dia tsy anisan’izao tontolo izao aza isika, naniraka antsika hanambara ny fandresena ny ratsy. Maro ny zavatra manahirana antsika sy mahatonga antsika ho feno fisalasalana ary indrindra mety mitady hanome tsiny an’Andriamanitra aza kanefa isika izao no apostôly, isika izao no Kristianina mpanaradia an’i Kristy, isika izao no Kristy Mpiara-belona amin’ny olona araky ny tenintsika matetika. Tsy afenina tokoa fa mafy izao ady atrehina izao noho ny krizy maro lafy ary mitohy indrindra vokatry ny ranobe sy siklaonina ka maro ny voan’ny fakam-panahy samy mandeha samy mitady.

Vakiteny I : Asa. 1: 15 – 17, 20a, 20c – 26

Tononkira : Salamo 103

Vakiteny II : 1 Jo. 4: 11 – 16

Evanjely : Jo. 17: 11b – 19

Io indrindra no nampitandreman’I Papa antsika rehefa mandray fitenenana izy satria io fomba fisainana io dia mitondra antsika amin’ny fifanapotohana, amin’ny faharavana tanteraka. Izany tokoa ve no lalana?

Nandritra ny vanim-potoan’ny Paka dia nandinika ny toetran’i Jesoa isika, nasongadintsika isaky ny Alahady ny toetran’i Jesoa mba hivelomantsika tahaka Azy ka androany Alahady fahafito dia manomana antsika amin’ny Pantekôty fandraisantsika ny Fanahy Masina izay mampiombona fa tsy mampikombona. Ny Fanahy mampiombona no mahatonga antsika ho EO V MISIONERA VITA BATEMY KA IRAHINA ZARY TABERNAKLA VELONA mahatonga antsika ho “génération de bâtisseurs” miaraka manorina ny Eglizy Olona Velona, manorina FRATELLI TUTTI, manorina ny maha OLORAIKY

ISIKA JIABY araka ny hiakan'i Papa ao amin'ny Antsikilika nosoratany. Izany no azo amintinana ny hafatry ny Eglizy amin'izao Alahady faha-7 amin'ny Paka izao, izany koa ny vavak'i Jesoa henontsika amin'ny Evanjely. Fantatr'i Jesoa ny zava-misy iainantsika, ny fiainantsika tsirairay, ny olombelona tsirairay. Tsy miafina amin'i Jesoa izao krizy iainantsika izao ka talohan'izy hiala teto ambony tany dia nanao karazana testamenta izy, izany hoe : hafatra farany. Niara-nivavaka tamin'ny mpianany izy, fantany fa ho maro ny fahavalo, hampisaraka sy hanapotika ny Eglizy izany hoe ny fiombonana Aminy sy amin'izay hihaino ny hafatry ny Apostoly ka atao batemy. Ary matetika tsy lavitra ny ipoiran'izany fanapotehana izany, tsy lavitra izay manapotika fa eo anivontsika, ao anatintsika noho ny toetrantsika olombelona : ny fiavonavonana, ny fitiavan-tena, ny fialonana, ny lainga sy fitapitaka, fihatsarambelatsihy, ny henamaso... ireny no manapotika. Fantatr'i Jesoa fa ady sady dia ny fanorenana ny firahalahiana sy fanehoam-pitiavana eo anivon'ny fiaraha-monina ka nivavaka i Jesoa nanao hoe : “mba ho iray tahaka antsika izy ireo” izany hoe tahaka ny Trinite Masina, samy manana ny fahasamihafana, samy manana ny maha-izy azy fa olona iray kosa ao amin'ny Trinité Masina. Toy izany koa ny amin'ny Eglizy, na dia eo aza ny fahasamihafana dia afaka mitondra sy mamelona ary mitondra zava-tsoa isika raha miombona amin'ny Fanahy Masina. Raha samy feno fanetren-tena, fahafoizana, faharetana eo anatrehan'ny hafa, manao izay hifanomboana ka mifampitsimbina, mifanasoa, mikatsaka ny soa iombonana. Isika tsiraikiraiky no zary biriky entina hanorenana ny Eglizy Tranon'Andriamanitra sy Eglizy Olona Velona. Io no nofinofy lazain'i Papa ao amin'ny Antsikilika. Izany indrindra no mahatonga antsika milaza fa tena soatoavina mifanaraka amin'izany ny fihavanana saingy fihavanana mila fanadiovana izany hoe fihavanana evangélisé mandresy ny fitiavan-tena mitondra mandrakariva amin'ny tombon-tsoan'ny tena fa mikendry ny soa iombonana kosa. Fampianarana lehibe ho antsika tokoa ity Alahady fahafiton'ny Paka ity amin'izao dingana tiantsika atao amin'ny fanorenana ny FRATELLI TUTTI + OLO ARAIKY ISIKA JIABY izao.

Azontsika onogna àry ny mahazava-dehibe ho antsika izao KEN 2024 izao sady hibanjinantsika ny Eokaristia no handalinantsika ny fihavanana ka hivelomantsika ny vavak'i Jesoa.

Nivavaka i Jesoa mba ho iray isika, fampianarana voalohany ho antsika izany. Aza mieritreritra isika fa ny angovontsika samirery no entintsika hanorenana ny fihavanana, ny fiombonana sy ny Eglizy Olona Velona, marina fa ilaina ny ezaka ataontsika tsirairay avy saingy ny vavaka no ilaina entina hanampy antsika hanatanteraka izany. Hoy Jesoa *“Ray masina ô, tahirizo ireo nomenao ahy mba ho iray tahaka antsika izy ireo”*. Io vavaka nataon'i Jesoa io no mampiombona antsika. Mila mivavaka isika fa indrindra ho an'ny firenentsika izay azo lazaina fa mifamahofaho tokoa ny toe-piainan'ny malagasy.

Matetika isika no mivolagna tsy misy kisendrasendra fa sitrak'Andriamanitra ny maneho ny sitrapony amintsika. Raha mijery tsara isika dia mahatsapa fa raha nanomboka sinaody isika dia indro fa niantso sinaody iombonana ny Papa ary raha mahatsikaritra isika fa dia mitovy ny tanjony sy ny fomba fiasa. Ny tena mahavariana dia tamin'ny 2020 no tokony nanao ny Kongresy Eokaristika isika. Tsy tanteraka anefa izany noho ny Covid... Tsy kivy isika ka niroso amin'ity taona ity. Taonan'ny vavaka araka ny voalazan'i Papa ary araka ny fantatsika ny Eokaristia no loharano sy ny fototra ny fiainantsika izany hoe ny vavaka.

Mila vavaka isika eto Madagasikara, eto amin'ny faritra misy antsika, eto amin'ny diosezintsika fa indrindra isika hiroso amin'ny lalindalina kokoa amin'ny fanorenana ny EOY, ny

fianakaviamben'Andriamanitra izay ny fihavanana no fototra. Mila vavaka isika mba ho ny Fanahin'Andriamanitra no mampiombona antsika izay hankalazaina amin'ny Pantekôty. Raha mahatsiaro isika dia ny fitiavam-bavaka no toe-panahy voalohany fototra hanorenana ny ETA sy EOY. Tsarovy àry fa ny vavaka no mahatonga antsika ho EOY MISIONERA VITA BATEMY KA IRAHINA HO TABERNAKLA VELONA MANORINA ETA.

Hahafantarantsika fa miombona tokoa isika dia ny hafaliana, mitoetra eo amintsika Andriamanitra raha mivavaka isika, raha mitoetra ao amintsika Andriamanitra ary isika ao Aminy dia tanteraka ny fanorenana ataontsika. Izany no mitondra hafaliana lavorary satria tsy vokatry ny hevitr'izao tontolo izao fa vokatry ny asan'ny Fanahy Masina izay manentana antsika ka na dia eo aza ny zavatra maro samihafa mety manahirana satria anjaram-piainantsika olombelona ny fahasahiranana, Ady sady Dia ny fiainana. Raha miombona tokoa isika tahaka ny nampianarin'i Kristy izany hoe ny toetran'i Kristy nodinihintsika isaky ny alahady ny Paka no iainantsika, anisan'izany ny toetran'i Jesoa tonga teto anivontsika hanompo fa tsy ho tompoina. Raha io fiainan'i Jesoa io no hifotorantsika dia mitondra hafaliana marina.

Izany toetra fototra tao amin'i Jesoa izany dia ny fanompoana, izay toetra fototry ny Kristianina koa. Nilaza i Jesoa ao amin'ny evanjely hoe “*tsy ny anesorana azy amin'izao tontolo izao no angatahiko fa ny hiarovanao azy ireo amin'ny ratsy*”. Satria ny hevitr'izao tontolo izao dia manapotika, mamono ka ny fiadiana an'izany ratsy izany dia ny fanompoana. Ny ratsy lazain'i Jesoa eto dia ilay fialonana, fitiavan-tena, avonavona. Eo anivon'izao tontolo izao fa tsy anisan'izao tontolo izao isika izany hoe tsy manana ny toetran'izao tontolo izay notanisaintsika dia ny fitiavan-tena, ny fialonana izay manapotika ny fiainantsika sy ny fifandraisantsika amin'Andriamanitra, manapotika ny fifandraisantsika samy isika. Mifanilikilika isika, tsy misy intsony ny fiombonana, manapotika koa ny tontolo iainana manodidina antsika mahatonga antsika tsy hiaro fa hanapotika

Aoka isika hanana ny toetran'i Jesoa, eo anivon'izao tontolo izao isika fa tsy anisan'izao tontolo izao. Tsy inona izany fa ny fanompoana satria io no mampiombona ka zary fahazavana sy fanilo eo amin'ny manodidina antsika isika. Mizara fanantenana no asan'ny Eglizy eo anivon'izao tontolo izao izay mikoroso fahana ankehitriny tahaka ny manjo ny firenentsika amin'izao fotoana izao. Tanteraka izany raha samy vonona hiroso amin'ny fiovam-penitra mahery eo amin'ny fomba fitondran-tena mba ho fitondran-tena kristianina. Izany hoe fitondran-tenan'i Kristy mira fahafoizana sy fanompoana.

“*Ankamasino amin'ny fahamarinana izy ireo*” hoy ny vavaka nataon'i Jesoa. Izany no làlana entintsika mampijoro ny fiombonana ao anatin'ny fahasamihafana, io no lalana ampijoroana ny Fihavanana. Mitaky fiainana ny fahamarinana. Madagasikara tsy mahantra, manan-karena izy ary maro ny manam-pahaizana, maro ny mpanao politika eto amintsika saingy mahantra olomarina isika. Anjaram-piainantsika Kristianina, raha te-hiombona amin'i Kristy isika, raha te-ho masina dia aoka hijoro amin'ny fahamarinana ka ho olomarina isika. Manana modely isika amin'izany dia ny Olontsambatra Lucien Botovasoa. Ny tenin'Andriamanitra no hanovozantsika ny fahamarinana. Izany no fiainan'i Lucien Botovasoa, ny evanjely sy ny tenin'Andriamanitra no làlam-piainany. Aoka isika ho feno fahamarinana ka hanovo izany ao amin'ny tenin'Andriamanitra.

Ny vakiteny voalohany manambara ny antony nahatonga ny apostôly nifidy izay hasolo an'i Jodasy, mba ho fijoroana vavolombelon'ny fitsanganan-ko velona “*dia aoka hisy anankiray ho namantsika*

*mba ho vavolombelon'ny nitsanganany tamin'ny maty*”, tsy hoe firehan-kevitra no arahina fa olona velona manambara amintsika ny lalana sy fahamarinana dia i Jesoa Kristy. Izany no kriterana nosafidianana izay hisolo an'i Jodasy ho Vavolombelon'ny fitsanganan-ko velona tahaka ireo apostôly “*Koa amin'ireo lehilahy niaraka tamintsika tamin'ny andro rehetra nitoeran'i Jesoa Tompo teto amintsika, hatramin'ny nanaovan'i Joany batemy azy ka hatramin'ny andro niakarany any andanitra, dia aoka hisy anankiray ho namantsika mba ho vavolombelon'ny nitsanganany tamin'ny maty.*” Izany koa no anjarantsika EOVI MISIONERA TABERNAKLA VELONA, fa indrindra aorian'ny fankalazantsika ny Paka, handresy ny ratsy rehetra isika satria miaraka amin'i Kristy ka ho vavolombelon'ny fitsanganan-ko velona. Ny hahafahantsika hanantanteraka izany dia ny fifankatiavana satria hitoetra ao amintsika Andriamanitra. Tsy fitiavana sentosento no lazaina fa ilay fitiavana mahafoy tsy misy tambiny mitondra amin'ny fanompoana. Io no masontsivana manambara fa miroso amin'ny “depart vaovao” isika amin'ny fampijoroana ny Eglizy, Fianakavian-Janahary, Fianakaviam-ben'Andriamanitra, FRATELII TUTTI = OLO ARAIKY ISIKA JIABY araky ny ambaran'I Papa.

Ry Jesoa Tompo ô, nanao vavaka lava be lanao mba hampisy ny firaisana eo amin'ny mpanara-dia Anao, fantatrao ny zava-misy eo amin'ny fiainanay matoa lanao nanao ny vavaka manokana ho anay, izany koa no antoky ny fampandrosoana ny fampijoroana sy fanorenana ny Eglizy Olona Velona. Tantano ny fiainanay, ampio izahay ho vavolombelon'ny fahamarinanao. Nivavaka ho anay lanao mba ho iray tokoa izahay fa indrindra fantatrao fa noho ny avonavona, noho ny fitiavan-tena dia misaratsaraka izahay, ampio izahay hanana fanetren-tena ka hiaiky heloka ary amin'ny alalan'ny fanompoana no entinay hampijoro, hanorina ny FRATELLI TUTTI. Enga anie izahay mba EOVI MISIONERA TABERNAKLA VELONA.

Ry Jesoa Tomponay ô, efa enim-boninahitra eo anilan'ny Ray lanao ankehitriny ka aza avelanao handeha irery izahay, ampio izahay hahazo hery amin'ny fanorenana ny EOVI. Masina Maria Reny tsy mahafoy, mivavahà ho anay mba hiroso tsy havoza izay hanaraka an'I Kristy ka vonona hampijoro ny Fihavanana, fihavanana sady kristianina no Malagasy, ny fihavanana tokoa no hanasitrana an'izao tontolo izao. Md Josefa Ray Mpiaron'ny Eglizy Eran-tany arovy izahay mba tsy ho resin'izao krizy izao fa hanana herim-po hifampitsimbina sy hifanasoa. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson